# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Oktobra 2018

# 16 Talata oktobra

**Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy *(Jesosy)* no nanolotra ny ainy hamonjy antsika.**
1 Jaona 3. 16

**Kristy aza efa nijaly hamonjy anareo, ka namela fianarana ho anareo, mba hanarahanareo ny diany.** 1 Petera 2. 21

## Manaraka Ilay Môdely

Vao avy nodidina aho. Alina tamin'izay, ary tena nafana tokoa. Nandry mitsilany aho, misy ireo karazana fitaovana napetaka tamin'ny vatako sy ny sandriko. Tsy nahazo mihetsika aho, raha tsy izany dia maneno ny fanairana ka mihazakazaka ny mpitsabo hijery, ary hampijanona izany. Tsara fanahy sy tena nikarakara avokoa ny mpitsabo rehetra. Fa voamariko manokana, tamin'io alina io, ny faharetana sy hatsaram-pon'ilay mpitsabo mpiandry raharaha. Nanao izay rehetra azony natao izy mba hampitony ny fanaintainan'ireo olona avy nodidina. Izaho nefa tsy mba afaka nanonona teny fankasitrahana azy kely akory. Saingy tsapako tsara fa niavaka ny hatsaram-panahin'io olona io. Hoy aho anakampo : „Kristiana angamba io vehivavy io". Satria izy dia tena nanahaka ny Mpampianatra, ny Tompo Jesosy, Izay nangoraka mandrakariva ny olona rehetra mijaly.

Alina telo no nifanesy toy izany. Ary nony marainan'ny alina fahatelo, dia tonga hanao veloma ilay mpitsabo, satria tsy hiverina hiasa raha tsy amin'ny herinandro manaraka. Nisalasala kely izy, ary avy eo dia nanatona ny farafarako, nijery ilay Baiboly nipetraka teo amin'ny latabatra kely teo an-dohafandrianako, sady niteny moramora tamiko hoe : „Ity ve no harenanao ?" Novaliako hoe : „Eny". Dia notohizany hoe : „Io koa no harenako", ary nitsiky izy sady lasa nandeha.